# Ilay Voa Tsara Nafafy 29 Septambra 2018

# 29 Asabotsy septambra

***(Hoy Jesosy :)* Na inona na inona hangatahinareo amin'ny Ray dia homeny anareo amin'ny anarako izany... Mangataha, dia hahazo ianareo, mba ho tanteraka ny fifalianareo.** Jaona 16. 23, 24

**Amin'ny anarako**

Inona moa no dikan'ny hoe : mangataka „amin'ny anaran'i Jesosy" (Jaona 14. 13, 14) ? Izany dia manan-danja lehibe lavitra noho ny hoe manonona ny anarany fotsiny ao amin'ny vavaka ataontsika. Mba hahafahan'ny olona iray mivavaka amin'ny anaran'i Jesosy, dia tsy maintsy mahafantatra manokana Azy aloha izy, mba hahaizany mivavaka toy ny misolo tena Azy, toy ny hoe ny Tompo mihitsy no mangataka amin' Andriamanitra. Ny fiteny hoe „amin'ny anaran'i ..." dia midika fa misolo tena ilay olona, miteny na manao zavatra eo amin'ny toerany, mba hanatanteraka ny sitrapony.

Fony tetỳ an-tany Jesosy dia tsy nanonona ny anaran'i Jesosy ny mpianatra rehefa nivavaka tamin'Andriamanitra. Tatỳ aoriana ny Tompo dia nampianatra azy ireo fomba fivavaka vaovao : mivavaka amin'ny Ray amin'ny anaran'ny Tompo. Izany vavaka izany dia mampiharihary ny firaisana akaiky dia akaiky eo amin'ny Tompo sy ny mpino. Manao ny sitrapon'ny Ray mandrakariva ny Tompo Jesosy. Rehefa mivavaka amin'ny Ray amin'ny anaran'i Jesosy isika, dia mampandray anjara ny Tompo amin'izay hataka ataontsika. Midika izany fa eken'ny Tompo io hataka io. Mivavaka isika mba hisaotra an'Adriamanitra, mba hikatsaka ny sitrapony, mba hahazo hery hankatoavana sy hanomezam-boninahitra Azy.

Tsy terena manonona ny anaran'ny Tompo tsy akory isika. Mainka aza tombontsoa ny manao izany, satria fantatsika fa isika dia mandray ny zavatra rehetra avy amin'ny Rain'i Jesosy Kristy Tompontsika. Mba hahafahana mivavaka an-kitsimpo amin'ny anaran'ny Tompo, dia tokony hanana fitondrantena mikatsaka ny sitrapony sy miezaka hanao izay ankasitrahiny.

Fanalahidy iray amin'ny vavaka ihany koa ny mahatakatra fa isika dia manana tombontsoa iombonana amin'ny Ray sy ny Zanany malalany, eo am-piandrasana ny hiverenany : izany dia ny handrosoan'ny Filazantsara, ny fampiononana sy fampianarana ny mpino, ary ny soa ho an'ny Fiangonany.